# FANDRAISANA NAOTY

# AMIN'NY FIHAONAMBEN'NY

# FIANGONANA MANERAN-TANY

**TONGA** NY FIHAONAMBE!

FOTOANA IZAO HANAMAFISANA NY FIJOROANAO VAVOLOMBELONA SY HANATONANA KOKOA AN'I JESOA KRISTY ARY HANDRAISANAO FANAMBARANA HO AN'NY TENANAO MANOKANA.

"Nivavaka aho . . . mba ho fotoana hanovozana hery vaovao ho an'ny fanahy ho an'ny tsirairay avy aminareo ity fihaonambe ity. . . . Enga anie ity fihaonambe ity ho fotoan'ny fiadanana sy fivokisana ara-panahy ho anareo. Enga anie ianareo hikatsaka sy handray fanambarana ho an'ny tena manokana mandritra ireo fivoriana."

*Filoha Russell M. Nelson*[1]

# MANONTANIA,

"Ny fanambarana madio ho an'ireo fanontaniana ao am-ponao dia hahatonga ity fihaonambe ity hitondra fahafaham-po sy ho tsy hay hadinoina."

*Filoha Russell M. Nelson*[2]

## ARY AVY EO DIA MIHAINOA

Moa ve ianao manana fanontaniana na olana ao an-tsainao amin'izao fotoana izao? Mety ho manahy mikasika ny fomba ahitana namana tsara izay hampitraka sy hankahery anao ianao. Mety manontany tena ianao hoe ahoana ny fomba hanatsaranao ny fahatokisantenanao na hahatsiarovanao ny maha taranak' Andriamanitra anao. Mety hoe miezaka ny hanapa-kevitra ny amin'izay oniversité hisoratana anarana. Na mety hoe manahy fotsiny ny amin'ny hoavy amin'ny ankapobeny, miaraka amin'ny fifandirana tokoa sy ny fahatezerana eo amin'izao tontolo izao.



# INONA NO AO AN-TSAINAO?

Hahita vokany kokoa ianao amin'ny fihaonambe raha toa mitazona ao an-tsainao ireo fanontaniana sy olanao ireo. Hanampy anao hahita valiny ny Tompo raha toa ianao manokatra ny fonao sy mihaino ireo mpanompony.

Fanontaniana:

Valiny:

"Marina tokoa fa hanatanteraka ireo fanekempihavanany sy ireo fampanantenany amintsika tsirairay avy Andriamanitra. Tsy mila manahy ny amin'izany isika. . . . Manao izay tsara vitantsika isika saingy tsy maintsy mamela Azy hitantana ireo fitahiana ara-nofo sy ara-panahy."

*Loholona D. Todd Christofferson*[3]

# MIANATRA AMIN'NY ALALAN'NY LOHAHEVITRA

Mahita lohahevitra tao amin'ireo lahateny henonao ve ianao? Misy amin'izy ireny ve manan-danja aminao amin'izao fotoana izao?

Lohahevitra:

Inona no hevitr'izany amiko:

**TSY TE HANORATRA?**

Tsy nisy niteny hoe tokony soratanao ireo fanamarihana raisinao amin'ny fihaonambe. Fa azonao atao sary kosa ny fanamarihanao raha izany no manampy anao hitadidy kokoa ao an-tsaina. Ataovy izay mety aminao!

# NY ZAVATRA TSAPAKO SY NY ERITRERITRO:

"Ao amin'ireo teny roa ireo hoe: –Henoy Izy,– dia manome antsika lamina ny Tompo hahazoana fahombiazana sy fahasambarana, ary fifaliana eto amin'ity fiainana ity. Tokony *hihaino* ny tenin'ny Tompo isika, *hitandrina* azy ireny, ary *hanaraka* izay nolazainy antsika!"

*Filoha Russell M. Nelson*[4]

**LAHATENY TENA TIANA**

Manana lahateny tena tianao izay henonao tamin'ity fihaonambe ity ve ianao? Hevero ny hanoratra ny anaran'ilay mpanao lahateny sy ny zavatra voalazan'ilay lahateny ary ny antony tena itiavanao izany.

# FOTOANA HIERITRERETANA.

Raha vantany vao vita ny fihaonambe dia tonga ny fotoana hanaovana zavatra araka ireo zavatra renao sy tsapanao. Ireto misy fanontaniana vitsivitsy azonao hanombohana:

- ◯ Inona no zavatra iray azoko hifantohana eo am-panaovako ezaka?
- ◯ Misy ve eo amin'ny fiainako izay tokony hovaiko?
- ◯ Ahoana no hahafahako manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananako momba ireo mpaminany velona?
- ◯ Ahoana ny fomba hampitomboako ny fitiavako ny Mpamonjy?
- ◯ Misy zavatra azoko atao ve hahafahako maheno Azy kokoa eo amin'ny fiainako andavanandro?
- ◯ Ireo fanontaniana hafa anananao:

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

“Eny, tokony hianatra avy amin’ny lasa isika, ary eny, tokony hiomana ho amin’ny hoavy isika. Saingy *izao* ihany isika no afaka manao zavatra. *Izao* no fotoana ahafahantsika mianatra. *Izao* no fotoana ahafahantsika mibebaka. *Izao* no fotoana ahafahantsika mitahy ny hafa.”

*Filoha Russell M. Nelson*[5]

**MBOLA MILA BOKY FANDRAISANA NAOTY AMIN’NY FIHAONAMBE FANAMPINY VE IANAO?**

Sintony sy ataovy printy ity boky fandraisana naoty ity ao amin’ny **conference.ChurchofJesusChrist.org**.

**FANAMARIHANA**


1. Russell M. Nelson, “Mitory ny filazantsaran’ny fiadanana,” fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany apr. 2022 (*Liahona*, mey 2022, 6–7).
2. Russell M. Nelson, “Fahamarinana madio, fotopampianarana madio, ary fanambarana madio,” Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany Ôkt. 2021 (*Liahona*, nôv. 2021, 6).
3. D. Todd Christofferson, fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany apr. 2022 (*Liahona*mey 2022, 78).
4. Russell M. Nelson, “Henoy Izy,” Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2020 (*Liahona*, mey 2020, 89).
5. Russell M. Nelson, “Izao no fotoana,” fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany apr. 2022 (*Liahona*, mey 2022, 126).



© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc.
All rights reserved.

NY FAHAZOANA LALANA HAMERINA HANONTA PRINTY ITY BOKY ITY DIA OMENA RAHA HO AMPIASAIN’NY TENA MANOKANA FA TSY ATAO HITADIAVAM-BOLA. TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA IREO MPITARIKA AO AMIN’NY PAROASY MBA HANONTA PRINTY BOKY VITSIVITSY HO AN’IREO IZAY TOMPOIN’IZY IREO AO ANATIN’NY ANTSONY. TSY MAINTSY ATAO PRINTY MANONTOLO IREO KIBOKY. TSY TAFIDITRA AO ANATIN’IZANY NY FANOMEZAN-DALANA HAMOAHANA IZANY EN LIGNE, NA HAMPIASANA IZANY AMIN’NY ZAVATRA HAFA, NA MIZARA ITY BOKY ITY AMIN’NY HAFA. MITAKY FAHAZOAN-DALANA IZAY METY HO FOMBA FANAMPINY TIANA HAMPIASANA ITY BOKY ITY.

**permissions.ChurchofJesusChrist.org**



NY FIANGONAN’ I JESOA KRISTY HO AN’ NY OLOMASIN’ NY ANDRO FARANY